# Fotoam-pandihizana izao!

(***Julie Meyer)***

**Fitsidihana manokana an'I Julie Meyer: I** *Julie Meyer dia mpitarika tao amin'ny [Tranom-bavaka iraisam-pirenena](#) tany Kansas City hatramin'ny 1999.*

www.DivineRevelations.info/MALAGASY



Tonga teto amiko ny Tompo ka nanao hoe: "***Tiako hampihaonina amin'ireo namako ianao***." Faly ery aho raha nihevitra fa hihaona amin-dry Isaia, Jeremia, Petera, zakaria, na koa i mosesy.Noraisiny ny tànako ka nanomboka nanidina teny amin'ny habakabaka izahay, toy ilay tamin'ny horonantsary loop to loop.Tsy natahotra aho na fantatro aza fa efa tena lavitry ny tany. Nivezivezy teny ho eny izahay ka injany nisy tsio-drivotra malefaka tamin'ny tarehiko.Reko tsara ny tànany nihazona ny ahy, efa tany ambony lavitra miala amin'ny tany izahay ary nankafiziko ilay rivotra nitsotsoka ny tavako.Tsy natahotra aho fa ny tànany fotsiny no nofikiriko.Tampoka teo, niova ny endriny. Nibanjina mafy ny tany izy, ary nanomboka nidina mafy dia mafy nankao izahay.Nibanjina azy aho, nojereko ny tarehiny ka hitako naneho fahavononana aoka izany ny masony sy ny endriny. (**isaia 50:7 "***Ary efa nohamafisiko ho tahaka ny afovato ny tavako")*

Nanamboatra saina foana aho, tsy hidona amin'ny tany izany izahay hoy aho.Nojereko nefa ny endriny tena vonona dia vonona, na nihazona ny tànany aza aho dia nanomboka nangorohoro mafy tato anatiko.Nanidina mitotongana mafy dia mafy nankeo amin'ny tany izahay, ary tena tsy hiova hevitra mihitsy no fijery azy.Tsy hitahita dia nidona mafy tamin'ny tany ny lohanay ary niditra tany anatiny izahay.Reko tsara ny dona mafy nahazo ny lohako, tena toy ny mijery sary mihetsika.Reko tsara koa ny fipoakan'ny tany nanodidina anay, mova tsy toy ny sambondanitra hiainga ho any amin'ny tsy taka-maso, nankarenin-tsofina!Nanavatsava tany anaty tany izahay ary tsy nitoditodika mihitsy ny Tompo; teny aloha hatrany no jereny.Hitako tsara avokoa na izahay nanakaiky ny tany, na izahay ilay nidona taminy na ilay niditra tao toy ny varatra nipoaka.Hitako ny tany, ny vato, ny rano, ny afo mandoro, ary tsapako tsara ny hoditro niendakendaka sy may.Reko toy ny tena ratrain' ny vato sy ny tany ny hoditro, toy ny tena mitranga amiko izany.Nandre hirifiry mafy aho tao anatin'ilay Nofy.

Tsy hitahita indray dia tafavoaka avy tao ambadiky ny tany izahay.Nitsangana aho nijery ka indro maradratra ny tenako, Rovidrovitra ny hoditro ary tena reko tsara ny hirifiriny nefa tsy izaho teo no zava-dehibe.Nojeren'I Jesosy akaiky teo amin'ny masoko aho ka hoy izy: "***Tiako hihaona amin'ireo namako ianao.***" Nitomany aho noho ireo fanaintainana.Nihevitra aho fa mba hojereny ireo ratra làlina nahazo ahy sy ny fahasimbana betsaka tamin'ny hoditra nefa izy tsy nijery.Nanopy maso ny manodidina aho ka indro vahoaka betsaka, tsy mbola tany aho nefa fantatro fa any Inde izahay.Namofonabe teo ary feno olona aoka izany, izaho moa nanaraka ny Tompo hatrany.Tsy nojereny akory aho, tiany ho tsapako angamba ny hirifirin'ny fahasimban'ny hoditro. Nisy ankizy betsaka nanerana ny tanàna.

Nisy zatovovavy marobe tsaratarehy aoka izany nihidy tamin'efitrefitra kely toy ny fonja, ary I Jesosy niaraka tamin'izy rehetra.Nitsangana teo anilan' izy ireo izy.Ireo hadinon'izao tontolo izao no nambaran'ny Tompo ho namany.Nisy ankizikely natory amin'ny tany nitangoronan'ny lalitra.Hitako ny nifindran'izy ireo avy tamin'ny fiainana tety ho any ankoatra, ary raha vao mifoha any amin'ny mandrakizay izy ireo dia efa eo Izy hikarakara azy. Eo Izy, tsy misy hadinony na iray aza, hitany avokoa.



Ny alaheloko ny amin'izay hitako niampy ny hirifiry mafy nahazo ahy dia nampitomany ahy tsy nitsahatra.Nitodika taty amiko ny tompo sady nibanjina ahy tsara ka noheveriko hanampy ahy amin'izay, noheveriko tamin'io fotoana io fa efa tsapany ny hirifiriko nefa hoy izy, "***raha tsy torotoro sy mitriatriatra toy izao mahazo ny nofonao izao ny fonao, tsy mahalala ireo namako ianao***." Tsy tantiko intsony ny zava-nitranga.Nahita zazakely maty aho, reny niala aina, areti-mandringana, ary zatovovavy namidy nefa hoy hatrany izy, "***raha tsy torotoro sy mitriatriatra toy izao mahazo ny nofonao izao ny fonao, tsy mahalala ireo namako ianao, sady tsy mahalala ahy***." Raha mbola nilona tao anaty ranomaso lalina aho dia talanjona aoka izany fa nojereny tamin'ny masoko indray sady nobitsibitsihiny hoe: "***Fotoam-pandihizana izao.***" Raha mihaino azy dia toy ny hoe: io no fiadiana nafeniny, dihy.....


Ary nanomboka nampandihy ny tongony izy, toy ny manitsakitsaka mafy hampirindra ireo mikitoantoana.Ireo tongotra roa tonga lafatra maneho ny holatry ny fiainana sy ny fahafatesana no indro nanao dihim-bondron'olona nanaraka gadona.Ireo tongotry ny Tompo izay nanitsakitsaka mafy ny tsy fahamarinana, io no totohinjaka mafy indrindra natrehiko.Nijery ny Tompo sy ny holatry ny fitiavan-dehibeny nanitsakitsaka mafy ny tsy fahamarinana mihatra amin'ireo namany aho. Ary naveriny indray fa: "***raha tsy torotoro sy mitriatra roa ny fonao, tsy mahalala ireo namako ianao sady tsy mahalala ahy.***"

Ary noraisiny ny tànako ka niditra indray tany afovoan'ny tany izahay, reko tsara ny hoditro sy ny nofotro mihitsana avy amin'ny taolako, injany koa ilay toa feom-baratra rehefa miditra sy mivoaka ny tany izahay.Tsy hitahita dia tonga teo amin'ny biraon'ny mpitsabo iray izahay, toy ny tobim-pahasalamana.Ny tenako sy ny hirifiriko làlina no noeritreretiko voalohany.Toy ny tsy nanan-koditra intsony no fahatsapako ny tenako, toy ny niendaka avokoa.Ary hoy indray izy, "***Tiako hihaona amin'ireo namako ianao.***" Nijery ny manodidina aho ka indro fanariam-pako maro feno zazakely.Indro loha, tànana ary tongotra kely, ary koa zazakely samihafa nameno sobika maro.Mbola velona sy nihetsiketsika ny sasany, may ny hodiny, ny sasany kosa vaky loha, ao koa ireo vatana manontolo tsy mbola nanombinana izay nanokatrabe ny masony toa nandinika.Nihetsi-po mafy aho fa ny Tompo nijery ahy indray teo amin'ny masoko sady nanao hoe: "***raha mbola tsy torotoro sy mitriatriatra toy izao mahazo ny nofonao izao ny fonao, tsy mahalala***

***ireo namako ianao.Ireto no namako."***

Raha mbola nitsangana aho dia indro zazakely iray noraisina tamin'ny ranjony ka natsipy tao anaty sobika, zaza manontolo. Ary nanomboka tsapako ny eritreritry ny Tompo.

***"Ry olo-mangina eo amin'izao tontolo izao ô! Ry toa hadino isany.Tsy hadino akory ianao! Tsy hadino ianao!Tsy hadino!"***



***Nangina ny tao amin'io efitra io tamin'io, nefa ren'ny Ray, ilay Andriamanitra mahery avokoa ny feon'izy ireo.*** Tsy mitsahatra ny kiakiak'izy ireo any amin'ny lalantsaran'ny fiainana mandrakizay.Mitomany andro aman'alina izy ireo ary mihaino azy ny lanitra.Henoina izy ireo, ren'ny sofin'Andriamanitra, ilay mahery.Ary nanomboka nihorakoraka aho. "TSY SASA-POANA AKORY IANAO RY LOU.TSY SASA-POANA AKORY IANAO RY **LOU Engle**! TSY SASA-POANA!" Ary hitako teo ny fiainana mandrakizay ka fantatry ny Lanitra tsara ny anaran'I Lou Engle.Mahalala ireo naman'ny Tompo I Lou. Reko ny tomanin'ireo zaza avy eo amin'ny lalantsaran'ny lanitra, ireo toa mangina ety, ireo hadino nefa ren'ny Ray tsara, mitomany ho an'ny fahamarinana andro sy alina, alina sy andro, mitomany fitsarana marina ho an'ireo nanala ny ainy.Any amin'ny mandrakizay izy ireo manam-peo!!! Andro amanalina, alina sy andro....mitaraina mafy fitsarana marina ho an'ireo heverina ho matanjaka ety an-tany....Ary henoin'ny Rainy tsara! Nojeren'ny Tompo tamin'ny masoko indray aho ka hoy izy, "***raha tsy torotoro sy mitriatriatra toy izao mahazo ny nofonao izao ny fonao, tsy mahalala ireo namako ianao, Tsy fantatrao koa aho."***

Nitsangana teo aho, mbola ory dia ory ny foko, no indro indray Izy nibanjina ahy tamin'ny masoko akaiky kokoa, sady nibitsibitsika hoe: "***Fotoam-pandihizana izao."*** Ary nanomboka "Dihy Vaovao" tamin'ireo tongony tonga lafatra manitsaka ny faritra avo eto an-tany indray Izy.Nandihy nanitsakitsaka tamin-kery lehibe io toeram-panalan-jaza io.Amin'ny fotoana mahaory sy mahatorotoro fo ahy indrindra foana izy no manao hoe: "***Fotoam-pandihizana izao. Fotoam-piadiana, ny mandihy dia miady."***

Manitsakitsaka indray izy manaraka gadona vaovao, mandamina amin'ny tongotra.Tsy tsinjaka noresaka eto fa fanitsahan'ny mpitsara amin'ireo tongony ny tsy fahamarinana, ary hoy indray izy: "***Mahandrasa mandra-pandihizan'ny olona miaraka amiko, vitsy monja no efa nanaraka ahy ary mbola itariko hatrany ny fanasàna nefa tsy ho afaka handihy ianao raha tsy manana fo tena torotoro sy mangorakoraka.***"


Ary nanatona ahy indray izy ka nanao hoe, "***Tiako hihaona amin'ny namako sasany ianao***." Ary nandeha tao anaty tany izahay, zara aho raha nahatsangana indray.Ory ny foko, rotika ny hoditro.Nijery ambany aho ka toy ny nisy baomba nipoaka teo anilako.Ary nandeha

tamin-dàlana tsentsina olona izahay.Teo alohako izy ary mbola nanaintaina mafy aho.Tiako indrindra izy raha nandeha miadana nefa tsy izaho no mandidy.Tiany hahatsapa hirifiry aho, satria tiany ny foko handre hirifiry, hiaina izany ka handray azy ho toy ny ahy.Tiany handeha eo akaikiny aho.Fantatro io toerana io fa tany Israely.Nisy fotoana maromaro nahitako azy nanetsika ny lohany amin'olona, toy ny miarahaba hoe: "Salama e!" na koa "Shalom".Tsy niteny izy fa nanetsika fotsiny ny lohany.Banjininy amin'ny masony ilay olona avy eo ezy manetsi-doha, izaho amin'io mijery ilay olona anetsehany loha ka hitako mitombo ny masony.Nojereko ny tao anatiny ka indro misy hazavana.Hitako indray mitopy maso fa nosokafan'I Jesosy ny masompanahin'izy ireo ka afaka nahita Azy, ilay mesia, izy.Teny ampandehanana tany Jerosalema izahay dia tena hitako ny fanahiny, nojereko tsara ny masompanahiny ka indro nisy afo kely nanomboka nandoro ny tao anatiny.Manam-pahefana ambony ny sasany tamin'ireo nanetsehany ny lohany, lohandohan'ny jiosy – Raby.Hitako mihitsy ny Tompo nanokatra ny masom-panahiny.Hitako koa Izy niseho, niseho mivantana tamin'ireo mpampianatra ambony tao an-tanàna, Indray mipimaso dia nirehitra ka nanavatsava lalina tao anatin'izy ireo io afon'ny fanambarana lehibe io, 1 segondra taorian'izay dia nisokatra ny masom-panahiny.

(salamo 102:16 *Fa Jehovah nanangana an'i Ziona; Niseho tamin'ny voninahiny Izy.*)

Narahinay hatrany an-tranony ireo Raby ireo ka indro izy niakatra tany ambony rihana, nandohalika sy niantso mafy hoe: "*Nanova ny zava-drehetra iny, niova avokoa ny zava-drehetra.*" Ary hitako ny Tompo nitsoka ilay vainafokelin'ny fanambarana ka indro izy tonga afo niredareda tsy hay vonoina.Indro ilay pitikafon'ny fanambarana fa tonga 'voahidy tao anaty taolany." Hitako fa nandoro hatrany ilay afo mandrapahatongan'ny fotoana voatendry tsy hahafahan'ireo raby hitahiry azy intsony ka hiantsoany mafy avy any antampon-tendrombohitra hoe: "I Yeshua no Mesia"......I YESHUA no MESIA!" Tsaroako fa efa nivavakaa momba izany izahay tany Kansas City, ny mba hisehoan'I Jesosy amin'ny voninahiny.Izy no Izy, Izy marina.

Nijery aho ka hitako tsara amin'izay teo ny endrik'I Jesosy, mijohy ny takolany ny ranomaso, reko tsara koa izy nanao hoe: "***Ry Jerosalema ô! Ry Jerosalema!***" Tsapako tao am-poko ny fitiavany an'I Israely izay lehibe tokoa.Tsapako koa ny hirifirin'ny fitiavany rehefa tsy novaliana, Kinanjo nijery ahy indray izy ka nanao hoe: "***Raha tsy torotoro sy triatriatra toy ny hoditrao amin'izao ny fonao dia tsy mahafantatra ireo namako ianao, ary tsy mahafantatra ahy koa.***" Tsapako tany amin'ny atifanahiko ny halalin'ny fitiavany an'I Israely.Toy ny fitiavan'I Jakoba an-dRaely, toy ny fitiavan'I elkana an'I hana.Ny Azy aza mbola manoatra lavitra ny fitiavana misy ity.Nigogogogo tsy nitsahatra aho ka nampangirifiry ireo ratrako ny sira tamin'ny ranomasoko nefa tsy nety nijanona aho, Tamin'ny fotoana indrindra nefa izay tsy nahazakako intsony ka nianjerako teo amin'ny gorodona no nibitsibitsihany indray tamiko hoe, "***Izao no fotoam-pandihizana.***"



Tsitapitapitr'izay dia nijoro teo anoloan'ny rindrin'ny fitomaniana izahay; ary nanomboka indray Izy nanitsakitsaka, nanao ilay dihy manaraka gadona tsy mbola hitako hatrizay tamin'ireo tongony tonga lafatra.Amin'ny fotoana mahaory sy mampalahelo ahy indrindra foana izy no miteny hoe, "***Fotoam-pandihizana izao.***" Nahatsapa fanatrehan-tanjaka lehibe aho, tanjaky ny dihy entimanitsaka ireo tsy fahamarinana rehetra. Ô! Kanto loatra ny mahita

ireo tongotra tongalafatry ny Tompo mihodinkodina mandihy, manitsaka ny tsy fahamarinana.

Manantitrantitra foana I Jesosy hoe: "***Fotoam-pandihizana izao. Fotoam-pandihizana.***" Hisy dihy vaovao hateraky ny fanompoantsika sy ny fontsika mihevitra ireo mahantran'izao tontolo izao sy ireo toa hadino nefa ambaran'ny Tompo ho namany. Ary rehefa tena kivy sy tsy manam-panantenana intsony ny fontsika, amin'izay indrindra no fotoam-pandihizana. Ô!, Mahafinaritra loatra ny mahita ny Mpanjakan'ny mpanjaka, ny mpitsara marina amin'ireo tongony misy ny holatry ny fitiavan-dehibe, mandihy manitsaka ny tsy fahamarinana. Tena dihy io, tena hitsaka! Izao no fotoam-pandihizana.Fantatro tamin'ilay Nofiko izany raha nandeha tany Jerosalema izahay ka tonga teo amin'ilay rindrina, ilay nandihizany. Fantatro fa nanambara ny tenany tamin'ny olo-manandanja teo amin'ny jiosy izy, ireo mpampianatra ambony, eny fa na teo am-pandihizana aza.Hitako ny mason'izy ireo nisokatra, ary hitako koa ny fony nidobodoboka mafy. Hitako koa ny Tompo nampiditra tao anatin'izy ireo "fahalalàna" fa izy ary izy irery ihany no Mesia. Ho avy ny fotoan'ny Tompo ka ireo raby ambony indrindra eto an-tany – izy ireo no hofohazin'ny tompo ka hitriatra avy any anatiny ny fony, amin'izany no hamonjeny ny faritra avo indrindra ao Jerosalema ka hiantsoantsoany mafy hoe, I Yeshua no Mesia. I Yeshua no Mesia!

*Sambatra izay avy amin'ny anaran'ny Tompo.*Ankehitriny izy ireo dia manontany tena raha tena nitranga tokoa izany.Hitranga amin'ny fotoana voatendry izany, hiseho izy ka hanokatra ny masom-panahin'izy ireo, handoro ny taolany aman-tsokany amin'ny afo masina.Hitako ireo Raby nitanisa tsy ankijanona Tenin'Andriamanitra, nanambara ny nisehoany.Mitranga izany.Hitranga amin'ny fotoana voatondro, ary efa mitranga ankehitriny.

**(jeremia 20:9** *Dia hoy izaho: Tsy hanonona Azy aho. Na hiteny intsony amin'ny anarany. Nefa izany dia tonga toy ny afo mirehitra ato am-poko, voahidy ato amin'ny taolako…)*

Nefa hoy indray izy: "raha tsy mizara sy mitriatra roa toy izao mahazo ny nofonao izao ny fonao,Tsy mahalala ireo namako ianao."

***Izao no fotoana mety handihizana!***
***Translated by Hery Rasolofoarinivo***